


Na amin'ny fomba ahoana dia tsy maintsy taitra foana aloha raha vao mahare ny fahalasan'ny olona fanta-daza.

Androany Alatsinainy 21 Septambra 2020, tao amin'ny hopitaly HJRA Anosy ary, dia nandao ity tany fandalovana ity i Rahamafadrahona, mpanoratra mpamoron-kira mpihira ( *«auteur compositeur interprète»* ) tsy misy izay tsy mahalala.




**Alphonse Rakotomahafadrahona sy Mariette Rasoarinala, nitondra ny anarana Bakomanga, nodimandry ny 2 Jolay 2020**

Alphonse Rakotomahafadrahona no tena anarany ary i Ramafa koa no fiantsoina azy. Teraka ny 09 Aogositra 1938 izy. Izany hoe 82 taona izy nandao antsika io. Ny taona 1960 izy no nanomboka niditra teo amin'ny sehatry ny kanto. Hafa mihitsy ny fomba fanetsehany ny lohany… Be hatsikana izay koa izy. «*Bakomanga*», «*Mama*», «*Raozy Maria*», «*Ity semboko ity* », « *Vive l'amour* »... Santionan'ny hira nampalaza azy ireo. Fa maro ireo noforoniny ka.




Nanolotra fandaharana ihany koa izy tao amin'ny RNM (Radio nasionaly). Ary izao foana no nanombohan'i Ramafa izany fandaharana izany :

«Dia manolotra ny arahaba soa arahaba tsara ho anareo mpihainon'ny Radio Madagasikara». Io Radio Madagasikara io no anisany nandaniany ny fahatanorany ary mbola hatramin'izy nandao antsika izao. Nankafiziny mihitsy ny manolotra hira gasy ho an'ny mpihaino. Ary dia nanentana ny fandaharana mitondra ny lohateny « *Hira gasy* » isaky ny Alahady tolakandro ihany koa izy ao amin'ity radiom-pirenena ity. Tsy vitan'izay fa mbola mpilalao tantara an'onjampeo tao ihany koa i Ramafa.


Discomad 45 tours - 1976
RAMAHAFADRAHONA

[illegible]


HIRAMALAGASY CHANNEL

[illegible]


Rakotomahafadrahona Alphonse
(Ramahafadrahona)
09.08.1938 - 21.09.2020

[illegible]


Ramahafadrahona Fandevenana 21.09.2020.mp4 - Lecteur multimédia VLC
Vinany Itaosy, alin'ny 21 septambra 2020 - Isaorana i Rossy
Nandrindrany sary : Jeannot Ramambazafy